

**enditnow®** - Andro Fanamafisana  
Antontan-tahirin-kevitra

22 Aogositra 2020

**REHEFA JESOSY MAMPITSAHATRA IZANY!**

Toriteny nosoratan'i Anthony R. Kent, Candidat PhD  
Sekretera Mpanampy amin'ny Fivondronan'ny Mpitandrina  
Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito

Ahitana ny seminera

**NY RATRA VOKATRY NY FANARARAOTANA:  
Afaka manao zavatra bebe kokoa ve isika?**

Navoaka tao amin'ny Ministry® International Journal for Pastors, Novambra 2018

Ahitana taratasy ho zaraina momba ny herisetra ao an-tokantrano

**VALINY AVY AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA SY NY FIARAHA-MONINA**  
Nosoratan'i Mable C. Dunbar, PhD LPC

**enditnow®**

**Ny Advantista miteny hoe TSIA amin'ny Herisetra**

Sampana Miadidy ny Ankizy, Fanabeazana, Fiainam-pianakaviana, Fahasalamana,  
Fivondronan'ny Mpitandrina, Sampana Miadidy ny Vehivavy, Tanora



Nomanin'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy  
Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito  
Ho an'ny ekipan'ny **enditnow®**



## SAMPANA MIADIDY NY VEHIVAVY

17 Aprily 2020

Ry Tale sy Mpitarika malala,

Faly miarahaba anareo tsirairay avy. Miaina ao anatin'ny tontolo feno tsi- fitizvzNZ fahazoana antoka sy tahotra isika. Miatrika korontana ara-politika isika, ady, valan'aretina, fahaverezan'ny asa, tsy fahafahana misahana ny filan'ny fianakaviana andavanandro ary mitohy ny lisitra. Amin'izao fotoana izao dia maro amintsika no mbola miatrika ny ho vokatry fiantraikan'ny *coronavirus* io. Izany rehetra izany dia misy fiatraikany amintsika eo amin'ny lafiny ara-panahy sy ara-batana ary ara-pihetseham-po. Mampalahelo fa ny olana ara-pihetseham-po tsy misy fiorenana ara-panahy matanjaka dia mitarika ho amin'ny fanararaotana karazany maro ao an-tokantranontsika sy ny fiarahamonina.

Ny antontan-tahirin-kevitra amin'ity taona ity mitondra ny lohateny hoe "*Rehefa Jesosy Mampitsahatra Izany* " dia nosoratan'i Pasitora Anthony R. Kent, sekretera mpanampy ao amin'ny Fivondronan'ny Mpitandrina ao amin'ny Foibe Maneran-tany.

Ny fivavahanay dia ny hiasan'Andriamanitra amin'ny alalanareo tale sy rahavavinay rehetra rehefa manao asa fanompoana ho an'ireo izay ao anaty fangirifiriana ianareo ary mizara ny fitiavana, ny fifaliana ary ny fiadanana izay avy amin'i Jesosy irery ihany amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Iza no fotoana hizarana fanomezana ara-panahy amin'ny fatra be dia be.

Misaotra an'ireo departemanta ao amin'ny Foibe Maneran-tany izay manohana ny **enditnow®** izahay. Ny fanohanana sy ny asa mafy ataonareo no mitondra ity resaka fanararaotana ity eo amin'ny fahatsiarovan-tena manerana ny Fiangonana Adventista maneran-tany ary mitazona izany ho velona ao an-tsaina. Misaotra anareo nandamina ity andro manokana ity ao amin'ny fiangonantsika isan-taona, ho an'ny diabe eny an-dalambe sy ny maro hafa.

Andriamanitra anie hitahy anareo sy hitari-dalana anareo rehefa mandefa ity fonosana tahirin-kevitra **enditnow®** Andro Fanamafisana.

Amim-pifaliana sy fitiavana

Heather-Dawn Small

Talen'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy

“Misaotra an'Andriamanita noho ny aminareo aho...” Filipiana 1:3-6

## **Fizahan-takelaka**

Momba ny Mpanoratra 4

Inona no ao amin'ity fonosana ity? 4

Fanamarihana momba ny Fandaharana 5

Soso-kevitra momba ny fanompoam-pivavahana 6

Vakiteny 7

Tantara ho an'ny Ankizy 8

Toriteny 10

Seminera 19

Taratasy ho zaraina 25

## Momba ny mpanoratra

Anthony R. Kent dia voafidy ho ao amin'ny Foibe Maneran-tany tamin'ny 2005. Ny traikefan'i Pastora Kent teo amin'ny asa fanompoana dia ahitana fitondrana fiangonana eo an-toerana, fananganana fiangonana, fitoriana ny filazantsara amin'ny maha-evanjelista eoanivon'ny Union sy Division ary ny Sekreteran'ny Fivondronan'ny Mpitandrina tao amin'ny Divizionana Pasifika Atsimo.

Namolavola *Ministerial Internship Development and Training syllabus* izy, ary ny talenta mampiavaka azy dia ny manolotra fampianarana mitohy ary programa momba ny fitomboana eo amin'ny lafiny arak'asa ho an'ny pasitora. Izy no manolotra ny MINISTRYinMOTION, programa amin'ny fahitalavitra ho an'ny mpitondra fivavahana sy ny pasitoran'ny fiangonana eo an-toerana.

Amin'izao fotoana izao, ny Pasitora Kent dia manomana PhD ao amin'ny University of Queensland (Brisbane, Australia) momba ny Testamenta Vaovao, indrindra ny boky Lioka-Asan'ny Apostoly. I Anthony dia manambady an'i Debora ary manana zanaka roa vavy izy, dia i Chelsea sy Georgia.

## Inona no ao amin'ity fonosana ity?

- Toriteny :** "Rehefa Jesosy mampitsahatra izany " nosoratan'i Pastora Anthony R. Kent, miaraka amin'ny PPT
- Seminera :** "Ny RatraVokatry ny Fanararaotana", navoaka tao amin'ny Ministry®, Novambra 2018, miaraka amin'ny PPT
- Taratasy ho zaraina :** Valiny asetrin'ny isam-batan'olona sy ny fiaraha-monina ny herisetra ao an-tokantrano, nosoratan'i Mable C. Dunbar, miaraka tamin'ny PPT
- Boky kely :** Ny herin'ny herisetra ao an-tokantrano, nosoratan'i Mable C. Dunbar, PhD LPC

## Fanamarihana momba ny fandaharana

Vakio azafady ireo fizarana rehetra ao amin'ny fonosana **enditnow**®. Aoka ho mailaka ianareo araka izay azonareo atao mba hampifanaraka ny fitaovana amin'ny filan'ny diviziona sy saha misy anareo. Aza misalalala mandika, mamerina ary manova ny antontan-tahirin-kevitra *araka ny filan'ny diviziona misy anao*, anisan'izany ny dikan-tenin'ny Baiboly tsara indrindra hampiasainareo. Azonao atao koa ny mampifanaraka ny fonosana *araka ny kolontsain'ny mpihaino anareo*. Izahay dia hizara ny fonosana amin'ny teny frantsay, portiogey ary espaniola amin'ireo talen'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy eo anivon'ny Diviziona.

Ny fizotran'ny fanompoam-pivavahana dia mety ahitana hira sy vakiteny nalaina tao amin'ny *Seventh-day Adventist Hymnal* © 1985 izay mifandraika amin'ny lohahevitra ny toriteny araka ny fahitantsika azy. Afaka mifidy sy misafidy ireo singa ilainareo avy amin'ny drafitra omenay na mamorona ny fizotran'ny fanompoam-pivavahanareo manokana.

Mankasitraka anareo amin'ny fandefasana ny fonosan'ny **enditnow**® Emphasis Day ho an'ny mpiara-miasa aminareo eo anivon'ny diviziona mba hanafaingana ny fanatrarana ny fiangonana any an-toerana. Hita ao amin'ny tranokalanay ihany koa ilay fonosana, *women.adventist.org*, ao anatin'ny *Special Day, Enditnow, 2020*.

Tsarovy tsara fa ny *logo*-ntsika **enditnow**® **Adventists Say No to Violence** (Advantista miteny hoe Tsia amin'ny Herisetra) dia marika voarakitra ara-dalàna. Atao litera madinika hatrany ny **enditnow**® miloko mainty matevina fa ny « it » no mena midorehitra, tsy misy elanelana. Ampiasao izany ho famantarana eo amin'ny lohateny sy ny fanondroana voalohany amin'ny antontan-taratasy sy ny toerana hafa izay ampiasaina azy ho *logo* fa tsy atao soratra fotsiny.

Departemanta fito ao amin'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no nitambatra ho ekipa iray mba hiatrehana ny olan'ny herisetra. Ny Sampana Miadidy ny Ankizy, ny Fanabeazana, ny Fiainam-pianakaviana, ny Minisiteran'ny Fahasalamana, ny Fivondronan'ny Mpitandrina ary ny Sampana Tanora no nanatevin-daharana ny Sampana Miadidy ny Vehivavy tamin'ny fanohanana ara-bola ny **enditnow**® **Adventists Say No to Violence** (Advantista miteny hoe Tsia amin'ny Herisetra. Ny herisetra dia misy fiantraikany eo amin'ny tsirairay, ary faly izahay fa ireo ministera ho an'ny tanora sy ny antitra, ny lahy sy ny vavy, ny ankizy sy ny olon-dehibe, ny mambran'ny fiangonana ary ny pasitora ireo dia tafiditra ao anatin'ny fiaraha-mientana mba hitondra fahatsiarovan-tena amin'io fanararaotana ara-tsosialy sy ara-panahy io - voina amin'ny endriny rehetra.

Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito  
Sampana Miadidy ny Vehivavy

## Soso-kevitra momba ny Fanompoam-pivavahana

Antso ho amin'ny fiankohofana :

Salamo 145: 14

Jehovah manohana izay rehetra efa ho lavo  
sy mampitraka izay rehetra mitanondrika.

Hira fiderana

Vakiteny mifamaly : "Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko" - Salamo 103

Vavaky ny Pasitora

Setrin'ny Vavaky ny Pasitora : Hira «O ! Ianao Izay mandre »

Tantara ho an'ny Ankizy: Miahly sy mikarakara ahy Jesosy

Antso ho amin'ny fanatitra

Hira/Feon-java-maneno manokana

Vakiteny fototra:

Lioka 13: 10-17

10. Ary nampianatra tao amin'ny synagoga anankiray Jesosy taminy Sabata.  
11 Ary, indro, nisy vehivavy iray nanana fanahy mahafarofy valo ambin'ny folo taona,  
ary nanjoko ka tsy nahatraka akory.  
12 Ary rehefa nahita azy Jesosy, dia niantso azy ka nanao taminy hoe: Ravehivavy,  
afaka amin'ny rofinao ianao.  
13 Dia nametraka ny tanany taminy, ary niaraka taminy izay dia nitraka ravehivavy,  
sady nankalaza an'Andriamanitra.  
14 Ary ny mpanapaka ny synagoga dia tezitra satria Jesosy nahasitrana taminy ny  
Sabata, dia namaly ka nanao taminy vahoaka hoe: "Henemana no azo anaovan-  
draharaha, koa avia ho sitranina amin'izany, fa tsy amin'ny andro Sabata. "  
15 Fa namaly azy ny Tompo ka nanao hoe: Ry mpihatsaravelatsihy! Moa tsy samy  
mamaha ny ombiny na ny borikiny hiala amin'ny fihinanam-bilona amin'ny Sabata  
va ianareo ka mitondra azy hisotro rano?  
16 Koa ity vehivavy zanak'i Abrahamana ity, izay efa nofatoran'i satana valo ambin'ny  
folo taona izao, moa tsy tokony hovahana ho afaka amin'izany fatorana izany amin'ny  
andro Sabata va?  
17. Ary raha nilaza izany izy, dia nangaihay izay rehetra nanohitra Azy ; fa ny  
vahoaka rehetra nifaly noho ny zavatra malaza rehetra nataony.

Toriteny: Rehefa Jesosy mampitsahatra izany!

Hira setriny:

Vavaka famaranana

Tso-drano:

Nomery 6: 24-26

Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao ;  
Hampampiratra ny tavany aminao anie Jehovah kahamindra fo aminao ;  
Hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana !

## Vakiteny mifamaly

### MISAORA AN'I JEHOVAH, RY FANAHIKO

Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko.  
Ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina.  
Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko,  
Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra.

**Izay mamela ny helokao rehetra,  
Izay manasitrana ny aretinao rehetra ;  
Izay manavotra ny ainao tsyhidina any an-davaka,  
Izay manarona famindrampo sy fiantrana anao.  
Izay mahavoky soa ny vavanao,  
Ny fahatanoranao.mody indray toy ny an'ny voromahery**

Mamindra fo sy miantra Jehovah,  
Maharipo sady be famindrampo. . . .  
Tsy mba manao amintsika araka ny fahotantsika Izy  
Na hamaly antsika araka ny helotsika.

**Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra ambonin'ny tany,  
No haben'ny famiandrampoy amin'izay matahotra azy;  
Tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana,  
No halavitry ny anesorany ny fahotantsika amintsika.**

Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko.

— Salamo 103

## Setrin'ny Vavaka

### O ! IANAO IZAY MANDRE

O ! Ianao Izay mandre ny vavaka rehetra avy aoam-po,  
Amin'ny fahasoavanao manan-karena, Tompo ô, miomana ny fonay rehetra;  
Ianao no fiainanay, Ianao no fitiavanay sy fahazavanay,  
O ! aoka ity oran'ny Sabata ity mba hamiratra aminay. Amen.

## Tantaran'ny ankizy

### MIAHY SY MIKARAKARA AHY JESOSY

Nosoratan'i Linda Mei Lin Koh, PhD  
Talen'ny asa fanompoana an'ny ankizy GC

Ny marainan'ny 8 Novambra 2013, dia nisy rahona mainty niangona teny amin'ny lanitra toy ny fanambarana mialoha ny hisian'ny rivo-mahery. I Juni sy ny ray aman-dreniny ary ny anabaviny kely Mimi dia nipetraka tamin'ny trano kely iray teo akaikin'ny sakelin-drano ; ary raha nijery teo am-baravarankelin'ny lakoza izy dia nahita onja lehibe nianjera teo amin'ny moron-dranomasina. Ny andro talohan'io dia nibaliaka aok'izany ny masoandro koa dia nihomehezan' ny olona ny fampitandremana ny amin'ny fahakaikezan'ny tafio-drivotra, tahaka ny tamin'ny andron'i Noa. Tsy hisy hino fa ny anankiray amin'ireo rivo-doza ratsy indrindra teo amin'ny tantara no nanatona an'i Filipina afovoany.

Raha nipetraka nisakafo maraina ny fianakaviana ka efa hihinana, dia nisy rivotra nahatratra 310 km / ora (195 mph) nanainga tampoka ny tafo teo amin'ny efitrano fandraisam-bahiny, anankiray amin'ireo rivotra matanjaka indrindra voarakitra teto an-tany. Avy hatrany i Dada dia niantso ny rehetra hihazakazaka hankany ambany rihana, nefa ny zavatra hita dia rano niakatra tao anaty efitrano. Niteraka fiakaran'ny onja ilay rivo-doza *typhon* – dia onjan-dranomasina hatramin'ny 20 metatra mahery, izay mety hanafotra ny tanàna manontolo ao anatin'ny minitra vitsy monja.

Nangovitra noho ny tahotra i Juni : “Neny o! ho faty daholo ve isika izao? Ho rava ve ny tranontsika? »

"Andao hihazakazaka, ry Juni", hoy i Neny niantso mafy mba ho re ankoatran'ny rivotra mahery, "Aza matahotra fa hikarakara antsika i Jesosy," hoy i Neny tamim-pahatokiana.

Nivoaka ny tranony i Juni sy Mimi, ary nihazakazaka nanaraka an'i Dada sy i Neny, haingana araka azon'ny tongony nitondrana azy ireo ho amin'ny toerana avo kokoa. Zara raha nahavita izany izy ireo! Nisy olona an-jatony koa nihazakazaka nirohotra teny amin'ny toerana avo kokoa.

Nivatratra ny orana ary nihamafy hatrany ny rivotra. Lena avokoa sy mangatsiaka izy rehetra. Nila nitady fialofana tao ambanin'ireo harambato mihantona izy ireo. Soa ihany i Neny fa nahavoaray ny bodofotsy vitsivitsy rehefa nihazakazaka nivoaka ny trano izy, ary napetrany teo amin'i Juni sy ny zandriny vavy izay nangovitra noho ny hatsiaka.

"Juni sy Mimi a ! efa voaro isika izao" hoy Dada nanome toky an'ireo ankizy, "Hikarakara antsika Jesosy. Jereo ange ny fomba niarovany antsika ankehitriny e! Tsy namoy ny aintsika isika, ”hoy i Dada niaraka tamim-pitsikiana.

"Eny, ry Dada, ireto daholo isika efa-mianaka !" Nitsiky mafy i Juni sady niankina tamin'i Dada. “Tsy tokony hatahotra intsony aho, sa tsy izany?” hoy i Juni tamim-pahatokiana.



"Izao ry Juni an ! tsy tokony hatahotra na inona na inona intsony isika, satria hoy ny Baiboly amintsika ao amin'ny 1 Petera 5: 7 hoe: " Apetraho Aminy ny fanahianareo rehetra, fa Izy no hiahy anareo", hoy i Neny nampahatsiahy an'i Juni.

“Misaotra anao, Jesosy, tamin'ny fikarakaranao anay na dia tao anatin'ilay rivo-doza aza, Amena,” hoy ny vavak'i Juni tamim-pifaliana. "Izao vao mazava amiko tsara kokoa rehefa mihira ilay hira hoe: 'Raha miaraka amin'i Kristy ao anaty sambo dia afaka mitsiky ao anaty tafio-drivotra!'" hoy Juni.

Rehefa nitsahatra ny tafiotra dia hita fa rava ny 90 isan-jaton'ny trano tao an-tanàna. Raha ny fitambarany, dia nisy fiantraikany tamin'ny olona manodidina ny 11 tapitrisa nanerana an'i Filipina afovoany ilay rivo-doza Haiyan. Mitranga ny loza, nefa mbola afaka matoky an'i Jesosy hitarika antsika isika.

## Toriteny

### REHEFA JESOSY MAMPITSAHATRA IZANY!

Nosoratan'i Pastor Anthony R. Kent, kandida PhD  
Sekretera mpiara-miasa amin'ny GC

**Teny ho vakiana :** Lioka 13: 10-17

### FAMPIDIRANA

Nandritra ny valo ambin'ny folo taona no nahararian'ilay vehivavy. Fahatsiarovana ela izany mijoro amin'ny hazon-damosina mahitsy izany. Angamba naniry mafy izy hijery ny tavan'ny zanany mba hahita ny fibaliakan'ny masonry nefa ny hany mba hitany dia ny gorodona ihany. Tao amin'ny trano kely nitoerany, dia mety mba tiany ny hametraka ny sakafony teo amin'ny talantalana ambony kokoa, saingy tsy afaka nahatakatra izany izy, fa ny mety indrindra azony natao dia ny nandroaka ireo bibikely sy tozozy tsy hikasika ny sakafo tehiriziny eo ambany toerana. Tsy isalasalana fa naniry mafy izy ny hahita lanitra manga be voninahitra miaraka amin'ny rahona fotsy mikisaka tsimoramora, mihantona eny amin'ny habakabaka, na hiandrandra ny lanitra amin'ny alina hijery ireo kintana sy ny volana feno boribory, mamirapiratra sy be voninahitra eny amin'ny lanitra. Nefa, ny sehatra azony jerena dia izay eo ambany ihany, voafaritra eo amin'ny lâlana maina any amin'ny faritra Afovoany Atsinanana iny sy ny fako ary ny loto aparitaky ny biby.

Nandritra ny valo ambin'ny folo taona no niaretany izany toe-javatra izany. Tsy nisy fanamaivanana ny zava-manjo . Tsy nisy fotoana nitsaharan'izany. Tsy nisy fiatoana! Nanadino ny tavany ny olona - ny tampon-dohany sy ny lamosiny ihany no hitan'izy ireo. Raha tokony ho hita amin'ny maha-olombelona azy izy dia lasa nanorisory – fara faharatsiny, nampalahelo.

Nandritra ny valo ambin'ny folo taona dia nankany amin'ny synagoga isaky ny Sabata izy. Tsy mora ny fankanesany tany amin'ny synagoga, satria nananosarotra ny fandehanana. Ary rehefa tonga tao izy dia tsy mba nisy ny fandraisana azy nataon'ireo mpitondra. Ny fandehanana mankany sy ny fahatongavana tany dia samy fihaihana lehibe tokoa ho azy. Nefa isan-tSabata dia nanam-paharetana izy, ary niditra tao amin'ny synagoga tamim-pinoana sy fanantenana izy. Ary avy eo, indray Sabata, nisy mpitsidika iray tao amin'ny synagoga, ary nanova ny zava-drehetra! NOFARANANY IZANY! Nanasitrana azy Izy, ary ny anarany dia Jesosy – Jesosy avy any Nazareta!

### JESOSY SY NY IRAKA NOTANTERAHINY AO AMIN'NY FILAZANTSARAN'I LIOKA

Ny hany ahitana ny fitantarana ny fanasitranana ilay vehivavy manjoko tamin'ny andro Sabata dia ao amin'ny Filazantsaran'i Lioka ihany (Lioka 13: 10-17). Alohan'ny handinihantsika io toe-javatra mahatalanjona io dia mila mampiasa fotoana kely isika hijerena ny tontolon'ny Filazantsaran'i Lioka bebe kokoa.

Jesosy no olo-malazan'ny Filazantsaran'i Lioka - momba an'i Jesosy fotsiny izany. Ary olo-malaza mahafinaritra tokoa Izy! Jesosy sy ny asa fanompoany - ny iraka manontolo notanterahiny - dia ambara amintsika ao amin'ny Lioka 4: 16-30.

Andeha hiaraka hanokatra ny Baibolinareo amiko :

Lioka 4: 16-19 (**vakio**)

Niverina tany an-tanànanany any Nazareta i Jesosy taorian'ny nanaovan'i Jaona batisa azy tao amin'ny ony Jordana. Jesosy dia feno ny Fanahy Masina. Mazava tsara ny fanambaran'ny Baiboly fa fanao mahazatra an'i Jesosy ny nankany amin'ny synagoga rehefa Sabata. Mazava araka izany fa nanan-danja tokoa ho an'i Jesosy ny Sabata ; tsy hoe tsindraindray no nitsidihany ny synagoga amin'ny andro Sabata, fa fanao nahazatra azy izany.

Ity toe-javatra tao Nazareta ity dia manambara bebe ihany kokoa momba ny soatoavin'i Jesosy. Anankiray amin'ireo soatoavin'i Jesosy ny fampianarana. I Jesosy dia nasehon'i Lioka toy ny maniry ny hampahafantatra ny olona, maniry ny hahazoan'izy ireo an-tsaina ireo olana lehibe eo amin'ny fiainana sy ireo olana lehibe amin'ny vanim-potoana. Tsy te hihazona ny olona ao anaty haizina na any amin'ny lemaky ny tsy fahalalana i Jesosy ; ny faniriany dia izao – mba hampahazava ny olona. Noho izany, dia nampianatra tamin-kalalahana ny vahoaka i Jesosy, fa inona no nampianariny azy ireo?

Nampianatra ny Soratra Masina Jesosy! Ity no firaketana voalohany ananantsika ny amin'ny hoe Jesosy nampianatra, ary ny zavatra voalohany naloaky ny vavany rehefa nampianatra ny olona tany Nazareta Izy dia avy ao amin'ny Baiboly. Nanonona ny teny ao amin'ny Isaia 61 : 1, 2 Jesosy. Mazava araka izany fa ny Baiboly dia zava-dehibe tamin'i Jesosy, ary izany no fototry 'ny fampianarany.

Hatreto àary, avy amin'ity toe-javatra niseho tao Nazareta ity, dia hitantsika, voalohany indrindra fa nanana ny fiheverana ambony indrindramomba ny Sabata Jesosy - ny fiainany dia voavolavolan'ny fahazarana ny amin'ny fankanesana any amin'ny synagoga rehefa Sabata. Ny tsipiriany faharoa nipoitra avy amin'io an-dalan-teny io dia manambara fa ny fampianarana avy amin'ny Baiboly, ary ny Baiboly ihany, dia nanan-danja tokoa ho an'i Jesosy. Ny tsipiriany fahatelo manan-danja hitantsika avy amin'ity fampianarina tao Nazareta tamin'ny Sabata ity dia ny fitiavan'i Jesosy ny olona. Mariho ny fanamafisan'ny fampianaran'i Jesosy tao Nazareta:

- “vaovao mahafaly ho an'ny malahelo”
- “fandefasana ny mpifatotra”
- "fampahiratana ho an'ny jamba"
- “fanafahana ny ampahorina”
- "hitory ny taona ankasitrahana'i Jehovah"

Ny fampianarana rehetra nataon'i Jesosy tao Nazareta dia mihodina eo amin'ny fanompoana ny hafa - indrindra fa ny mahantra, ny babo, ny kilemaina ara-batana ary ireo iharan'ny fampahoriana. Ary satria teo amin'i Jesosy ny Fanahy dia tsy niteny zavatra anganongano foana Izy na nanolotra fanantenana poak'aty, fa nomena fahefana Izy hiasa ary hanafaka ny olona amin'ny toe-javatra rehetra mampahory.

Tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, ny vehivavy dia naseho ho anisan'ny mahantra, ny mijaly, ny babo ary ny nampahorina. Matetika ny vehivavy dia tsy nanana toerana avo teo amin'ny fiaraha-monina, raha ny marina dia sarotra ny manitatra ny maha-ambany ny toerana nisy azy ireo sy ny halehiben'ny fahoriany. Fa Jesosy kosa nanandratra ny vehivavy! Ny asa nataon'i Jesosy tamin'ilay vehivavy nanjoko ao amin'ny Lioka 13 dia ohatra anankiray ihany.

Sokafy indray ny Lioka 13: 10-17 fa handinika io tantara mahafinaritra io amin'ny tsipiriany bebe kokoa aho.

### [Vakio ny Lioka 13: 10-17]

Niato tamin'ny diany nankany Jerosalema i Jesosy tamin'io toerana tsy fantatra anarana io noho ny Sabata fa hankany amin'ny synagoga sy hampianatra ary hanasitrana. Fa i Lioka, raha tsy nilaza ny anaran'ilay toerana na ilay vehivavy, dia manitatra ny fampiharana sy ny hevitr'ity toe-javatra ity ankoatra an'ity vehivavy tokana ity - ho an'ny vehivavy rehetra izay voafatotra sy voageja any amin'ny toerana rehetra, ary amin'ny fotoana rehetra. Ity tantara mahafinaritra ity dia manome fanantenana ho an'ny olona rehetra iharan'ny zavatra tsy mety.

I Lioka, miaraka amin'ny fahalemem-panahin'ny maha-dokotera, dia mamariparitra ny fahasarotan'ny toe-javatra manjo ity vehivavy ity. Nanjoko izy ary tsy afaka nijoro mahitsy. Ary ankoatr'izany dia efa niaritra izany nandritra ny valo ambin'ny folo taona izy ! Fotoana lava hijaliana tokoa izany !

Efa nanao dia lavitra tao anaty fiara fitateram-bahoaka na fiara manokana ve ianao ka teo amin'ny toerana tery mandritra izany dia izany ? Fantatrao ny atao hoe tery, voafetra ary tsy afaka manatsotra ny tongotrao mandritra ny dia. Fantatrao izany hoe tonga any amin'ny toerana aleha ary hitsangana sy hanatsotra ny vatanao ary mahatsapa fa mbola velona indray io vatanao io ! Fa ity vehivavy mahantra ity dia nandeha tamin'ny diany tamin'ny fanaintainana nandritra ny valo ambin'ny folo taona ary tsy nahita izay fiafaran'ny diany ! Na andro na alina dia tsy afaka nitraka na nitsotra izy - nidaboka teo am-pandriana tamin'ny alina, niforitra mandrakariva. Na dia tao amin'ny torimasony aza, dia tsy niala taminy mihitsy io fahoriany io ! Alaivo sary an-tsaina ange izany fahoriana maharitra izany e !

Ny mpandinika ny Baiboly dia naminavina ny aretina manokana na ny fanaintainana nanjo azy. John Wilkinson dia mihevitra fa mety ho *spondylitis ankylopietica* io aretina io. Ny sasany kosa milaza fa ity vehivavy ity, izay tantarain'i Lioka, dia naneho soritr'aretina mahazo ny vehivavy sasany izay niharan'ny fanararaotana na herisetra ara-pananahana. Mety ho marina izany. Fa Jesosy kosa dia nametraka ny fanomezan-tsiny ny amin'ny fijaliany teo amin'i Satana (and. 16).

Ny teboka lehibe dia tsy misy ifandraisana amin'i Kristy ny momba ny fanararaotana atao amin'ny vehivavy - asan'i Satana izany! Tsy misy zavatra mitondra fanavotana amin'ny fampiharana herisetra amin'ny vehivavy — ireny herisetra ireny dia avy amin'ilay ratsy avokoa ! Mazava ho azy fa tsy misy lehilahy azo lazaina hoe kristiana marina ka hampiasa hery amin'ny vehivavy mba hanery azy hanao firaisana – na dia amin'ny vadiny aza. Tsy misy lehilahy tena kristiana marina hikapoka vehivavy — na vehivavy iza na iza, indrindra moa fa ilay nampanantenainy sy nanaovany voady fa ho tiaviny ho vadiny ! Ity karazana fihetsika ity dia mifanohitra tanteraka amin'ny fampianarana sy ny soatoavin'i Jesosy ! Tsy misy olona milaza ho manana an'i Kristy mitoetra ao am-pony ka hanao zavatra hanambany, hampijaly, na hampitondra fanaintainana ny vehivavy – na ara-batana izany, na ara-tsaina, na ara-pihetseham-po na ara-panahy.

Rehefa tonga tao amin'izany synagoga izany Jesosy tamin'io Sabata io dia niova ny zavadrehetra! Nampianatra zavatra mahafinaritra sy tsara avy tao amin'ny Baiboly Izy!

Rehefa izany... avy tao anaty vahoaka, dia nahita azy i Jesosy. Na dia nanjoko aza izy ary mety ho fohy kokoa noho ny olona rehetra tao amin'ilay trano.

Milaza ny Baiboly fa "niantso azy" i Jesosy (andiny 12).

Zava-dehibe ny manamarika fa nankatò ny antson'i Jesosy ilay vehivavy. Na dia nisy kilema aza ny vatany dia velona sy natanjaka ny finoana tao am-pony. Azontsika sary an-tsaina izy sahirana mafy mandeha, nanao araka izay azony natao, mba ho tonga eo anoloan'i Jesosy, mbola manjoko ihany. Nanao araka izay nasain'i Jesosy nataony izy.

Avy eo Jesosy dia nilaza ireo teny faran'izay tsara indrindra tamin'izay norenesiny teo amin'ny fiainany!

"Ravehivavy, afaka amin'ny rofinao ianao" (andiny 12)!

Rehefa izany ny Baiboly dia milaza fa nametraka ny tànan'ny taminy Jesosy. Afaka mahazo antoka isika fa fikasihana sahaza sy be fitiavana avy amin'ny Mpamonjy izany!

Manome toky ny Baiboly fa ho takantsika ity teboka manan-danja manaraka ity : "Niaraka tamin'izay dia nitraka ravehivavy" (andiny 13)!

Nofaran'i Jesosy izany ! Natsahatr'i Jesosy ny fanaintainany ara-batana !

Afaka izy! Izany no "vaovao mahafaly" ho azy! Afaka tamin'ny fahababoany izy! Ankehitriny izy dia afaka mahita zavatra hafa ankoatra ny gorodona! Tapitra ny fahoriany ara-batana! Nanao fanandramana ny amin'izany fahatsaram-panahin'Andriamanitra izany izy! Ny zavatra rehetra nampanantenain'i Jesosy tamin'ny fampianarany tao Nazareta ao amin'ny Lioka 4: 16-19 dia tanteraka taminy avokoa! Ny fampianaran'i Jesosy dia tena marina tamin'ny lasa ary tena marina ankehitriny! Vokatry ny asa fanompoan'ny Mpamorona, dia tonga tahaka ny nikendrena azy tamin'ny voalohany ny vatany - salama ary mijoro mahitsy! Afaka mijery ny tavan'ny olona izy ankehitriny. Mety tsy ho voafetra ny hafaliany ! Ankehitriny izy dia afaka mijery ny endrik'i Jesosy – dia Ilay nampitsahatra ny fanaintainan'ny vatany - ary endrika mahafinaritra loatra! Ny tarehin'i Jesosy angamba no tarehy hitany voalohany raha vao nitraka voalohany taorian'ny valo ambin'ny folo taona!

Ary rehefa sitrana tamin'ny fomba mahagaga izy, dia izao no zavatra nataony voalohany: "Nankalaza an'Andriamanitra" (Lioka 13:13)! Amin'ireo fahagagana rehetra natao tamin'ny andro Sabata voalaza ao amin'ny bokin'i Lioka, dia izy no olona voalohany sy hany sitrana nidera an'Andriamanitra rehefa "nahafahana tamin'ny rofiny" (andiny 12).

Tahaka ny tsy nanaovany na inona na inona nahatonga azy ho mendrika ilay fahoriana valo ambin'ny folo taona, dia tsy nanao na inona na inona izy hahazoana vola, na hividy, na hahatonga azy ho mendrika izany fanasitranana izany. Sitrana noho ny fahasoavan'i Jesosy Kristy irery ihany izy! Noho izany antony izany dia nankalaza an'Andriamanitra izy. Ary tamin'ny fankalazany an'Andriamanitra, dia nampahafantatra an'izao tontolo izao izay noheveriny momba an'i Jesosy izy!

Saingy (!)... Raha tafaverina tamin'ny laoniny ny fanaintainany sy ny fahasalamany aratana, dia tsy mbola vita ny fijaliany ara-tsaina.

Tao amin'ny vahoaka koa tamin'io Sabata maraina dia nisy mpanapaka ny synagoga. Tsy nahatalanjona ny zava-niseho tao amin'ny synagoga ! Tezitra be izy! Ny mpanapaka ny synagoga sy ireo mpomba azy - izay nijanona tamim-pahanginana ao aoriandriana tao - dia azo inoana fa vitsy an'isa kokoa nefa nanana hery miasa mangina ambony kokoa. Ny mpanapaka tao amin'ny synagoga dia olona nanana fahefana satria matetika izy no namatsy vola ny fananganana ny synagoga, ka nanome azy avy hatrany ny fahefana maha-tompon'ny synagoga azy. Ny mpanapaka ny synagoga dia nitazona toerana ambony teo amin'ny fiarahamonina. Ny fahefana ambony nananany dia nanome fahefana hitarika ny fanompoampivavahana sy hamaritra hoe iza no nandray anjara tamin'izany rehefa Sabata. Ny mpanapaka ny synagoga koa dia mazava ho azy fa nanolotra ny fandikana sy fanazavana ny Torah ho an'ny olona.

Tamin'ny hatezerany dia niantsoantso ilay mpanapaka ny synagoga nanao hoe: "Henemana no azo anaovan-draharaha ; koa avia ho sitranina amin'izany, fa tsy amin'ny andro Sabata "(and. 14).

Tsy ny mpanapaka ny synagoga rehetra akory no ratsy fijery toy izany fa ity anankiray ity dia anisany.

Feno fandrika ny antsoantsom-pahatezerany !

Mazava fa nampiasa ny Sabata ho fiadiana hamelezana an'i Jesosy sy ilay vehivavy izy. Nanonona mihitsy ampahany amin'ny baiko momba ny Sabata ao amin'ny Didy Folo izy tamin'ny famelezany an'i Jesosy sy ilay vehivavy nositrana vao haingana ! Io matetika no tetika fampiasan'ny olona mpanararaotra ny hafa. Matetika izy ireo no mandray ny tenin'ny Soratra Masina ka manodina izany amin'ny tanjona ratsy. Nanao toy izany i Satana rehefa naka fanahy an'i Jesosy tany an'efitra, ary nampitandrina ny 2 Petera 3: 15-16 manao hoe: "Ary amin'ireo [zavatra nosoratan'i Paoly] dia misy zavatra saro-pantarina, izay aolan'ny kely fahalalana sady tsy miorina tsara, tahaka ny anaovany ny teny sasany amin'ny Soratra Masina ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany ».

Ny Baiboly mihitsy no mampitandrina antsika fa ny olona dia hampiasa ny zavatra nosoratan'ny apostoly Paoly sy ny ampahany hafa amin'ny Baiboly, ary 'manolana' azy ireo amin'ny fanirian-dratsy. Mampalahelo fa mbola misy izany ankehitriny, na dia eo anivon'ny fiangona na Advantista mitandrina ny Andro Fahafito aza!

Ny Baiboly dia tsy fitaovana ampiasaina mba hanamarinana ny fanararaotana atao amin'ny vehivavy! Rehefa vakiana tsara ny Baiboly dia hitantsika fa manandratra ny vehivavy amin'ny sata ankasitranan'Andriamanitra azy izany.

Tamin'ny fiezahany hanitsy an'i Jesosy, io mpanapaka ny synagoga io dia milaza ihany koa ny tenany ho masina kokoa noho Jesosy. Ny teny nambarany dia midika fa tsy handoto ny Sabata mihitsy izy amin'ny fanasitrana amin'ny andro Sabata.

Ny teniny manao hoe "henemana no azo anaovan-draharaha" dia midika koa fa nahafantatra an'io vehivavy io izy na farafaharatsiny nahafantatra ny momba azy. Sarotra ny hanao sary

an-tsaina fa raha io no voalohany nahatongavan'ily vehivavy tao amin'ny synagoga, na raha tsy fantatry ny mpanapaka ny synagoga mihitsy izy dia ho nilaza an'io teny io izy, satria ny teniny dia naneho avy hatrany fa teo amin'ny manodidina teo foana io vehivavy misy kilema io', teo an-tanàna teo foana, fantatry ny rehetra, tsy sarotra ny nahita azy. Amin'ny teny hafa dia toamilaza izy hoe: "Sitrano izy amin'ny fotoana hafa rehetra fa tsy amin'ny Sabata!"

Raha tokony ho nankalaza io fanasitranana mahafinaritra nataon'i Jesosy io izy rehefa nifarana ny fanaintainan'ily vehivavy, dia nanambara ilay mpanapaka ny synagoga fa tsy tokony ho sitranina tamin'ny andro Sabata akory izy. Azony natao ve ny nilaza fa tokony haverin'i Jesosy amin'ny toetrany misy kilema ilay vehivavy, hiaiky heloka sy hibebaka, ary hanasitrana azy indray amin'ny andro hafa amin'ny herinandro?

Moa ve Jesosy nandika ny Sabata tamin'ny fanasitranana io vehivavy io na olon-kafa tamin'ny andro Sabata? Tsia, no hany valiny! Jesosy dia tsy nanao na inona na inona tamin'ny andro Sabata hanimba ny fahamasinan'ily andro! Ny fampitsaharana ny fahorian'ily vehivavy tamin'ny Sabata dia tsy fanitsakitsahana ny Sabata velively ! Fa fitandremana ny Sabata amin'ny endriny tena mampiavaka azy!

Ellen White dia manome antsika fanazavana vitsivitsy manan-danja ao amin'ny *Mpaminany sy Mpanjaka* momba an'i Jesosy sy ny Sabata:

« Nanizingizina ny amin'ny zavatra tsy azo avela momba ny Sabata Kristy nandritra ny nanaovany ny asa fanompoany teto an-tany ; tamin'ny fampianarany rehetra dia naneho fanajana ny rafitra nomeny Izy. Tsy dia nohajaina loatra ny Sabata fa taratry toetra feno fitiavan-tena sy tsy refesi-mandidy ananan'ny olombelona no fomba fitandremany azy tamin'ny androny fa tsy araka ny toetran'Andriamanitra. Nolavin'i Jesosy ny fampianarana sandoka nampianarin'ireo izay nihambo ho nahalala ny Tompo sady nanova toetra Azy. Na dia nenjehin'ny fankahalana tsy nisy indrafo nataon'ny raby aza Izy, dia nanohy tsy tamim-pihambahambana ny fitandremana ny Sabata araka ny lalàn'Andriamanitra, ary tsy nampiseho toetra nifanaraka akory tamin'izay notadiavin'izy ireo. » - p. 149

Marina ny voalazan'i Ellen White. Jesosy no Mpamorona ny Sabata; fantany ny fomba hitandremany ny androny masina! Tsy nahalala ny tena toetra maha-Andriamanitra an'i Jesosy ilay mpanapaka ny synagoga. Rehefa noraiketin'i Lioka an-tsoratra ny valin-tenin'i Jesosy tamin'ily mpanapaka ny synagoga, dia nanampy ny mpihaino azy izy mba hahatsiaro ny tena maha-izy azy an'i Jesosy. Mariho ny Lioka 13:15, "Fa namaly azy ny Tompo ka nanao hoe ..." Ny Tompo! Ity anaram-boninahitra ity dia mampatsiahy ireo mpamaky ny amin'ny tenin'i Jesosy ao amin'ny Lioka 6: 5, " Tompon'ny Sabata ny Zanak'olona."

Jesosy, amin'ny maha-Tompon'ny Sabata Azy, dia namaly ity mpanapaka be fanakianana sy manambanimbany ity ary ireo mpomba azy izay mody mangina: «Ry mpihatsaravelatsihy! Moa tsy samy mamaha ny ombiny na ny borikiny hiala amin'ny fihinanam-bilona amin'ny andro Sabata va ianareo ka mitondra azy hisotro rano ? Koa ity vehivavy, zanak'i Abrahama ity, izay efa nafatotri Satana izao valo ambin'ny folo taona izao, moa tsy tokony hovahana ho afaka amin'izany fatorana izany amin'ny andro Sabata va ? » (Lioka 13: 15-16).

Napetrak'i Jesosy teo amin'ny toerany tsara ilay mpanararaotra vehivavy! Izy, miaraka amin'ireo mpomba azy, dia nambara mazava fa mpihatsaravelatsihy. Mpihatsaravelatsihy izy



ireo satria naneho fangorahana bebe kokoa tamin'ny biby, na dia biby maloto toy ny boriky aza, noho ny tamin'ny vehivavy izay 'zanak'i Abrahama', dia olona noforonina araka ny endrik'Andriamanitra!

Ny mpanapaka ny synagoga sy ireo mpiara-dia aminy dia tsy hamela biby handeha mandritra ny ora vitsivitsy amin'ny Sabata nefa tsy novahana tamin'ny fatorany fa hamela azy hisotro rano. Kanefa dia tafintohina izy ireo fa ny fijalian'ity vehivavy ity nandritra ny valo ambin'ny folo taona dia tsy nitatra andro iray farafaharatsiny !

Eny, marina fa tsy mbola notandindomin'ny fahafatesana akory ity vehivavy ity. Tsy namonjy azy tamin'ny fahafatesana mbola ho avy i Jesosy tamin'ny nanasitranany azy tamin'ny andro Sabata. Fa ny Sabata dia tsy hoe famonjena aina fotsiny, fa fanatsarana fiainana ihany koa !

Tokony holazaina ihany koa fa ny fanafahana ireo vehivavy iharan'ny fanararaotana sy herisetra dia tsy tokony ho voafetra amin'ny andro Sabata ihany ! Tsy misy vehivavy tokony hiaritra fanararaotana – na ara-pananahana izany, na ara-batana, na ara-tsaina, na ara-pihetseham-po - amin'ny andro rehetra amin'ny herinandro. Ary ny andro tsirairay amin'ny herinandro dia andro mety ho famaranana ny fanararaotana sy ny herisetra ! Ny fisorohana ny fanararaotana sy herisetra dia tsy voatery ho amin'ny Sabata ihany, na ho amin'ny Sabata anankiray manokana !

Na dia nifarana tamin'ny fanasitranana ara-batana nataon'i Jesosy aza ny fijaliana ara-batana nahazo ity vehivavy ity, ny mpanapaka ny synagoga kosa dia nanitatra ny fijaliany ara-panahy sy ara-pihetseham-po tamin'ny fihetsiny sy ny teniny tsy misy indrafo. Izany no antony mahatonga ny sasany amin'ireo teny mahery sy mivantana indrindra ao amin'ny Baiboly atao amin'ny olona manana toerana ambony. Ilay mpanapaka ny synagoga dia nanana safidy ny hiara-mifaly amin'ity vehivavy sitrana ity, saingy nifidy kosa izy mba hampitatra amin'ny tsy antony ny fahavoazany.

Tsy nanohana fotsiny an'ilay vehivavy sitrana Jesosy, fa niandany taminy ihany koa. Tamin'ny nanondroan'i Jesosy azy ho « zanak'i Abrahama », dia nametraka an'i Abrahama hiandany tamin'ilay vehivavy sy ny tenany Jesosy. Ny mpanapaka ny synagoga kosa, noho ny fanoherany ny fanasitranana, dia nanambara fa naleony kokoa nahita ilay vehivavy nitoetra ho voafatotra - voafatotr'i Satana. Noho izany, ilay mpanapaka ny synagoga dia nametraka ny tenany teo amin'ny toerana tsy mampitsiriritra tamin'ny fiandany tamin'i Satana, mifanohitra amin'i Jesosy, amin'ny « zanakavavin'i Abraham », ary amin'i Abrahama mihitsy.

Mety misy olona sasany manandrana ny hanaisotra ny maha-zava-dehibe ny tetik'asa **enditnow**®. Mety hampiasa antony maro sy fialan-tsiny izy ireo toa an'ilay mpanapaka ny synagoga. Mety hiteny izy ireo fa ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manana iraka hanambara ny fahamarinana ka tsy tokony ho variana amin'ireo olona aratsosialy ireo isika – toa milaza fa saronantsika amin'ny « filazantsara sosialy » ny hafatra entintsika.

Mariho ireto teny manan-danja ireto avy amin'i Ellen White ao amin'ny *Medical Ministry* :

Ny tena fitiavana feno fangoraham-po eo amin'ny olona sy ny mpiara-belona aminy no marika mampiavaka ireo izay tia sy matahotra an'Andriamanitra amin'ny olona izay tsy mankatò ny lalàny. Akory ny halehiben'ny fangoraham-po nasehon'i Kristy tamin'ny nahatongavany tety an-tany mba hanome ny ainy ho sorona ho an'ity izao tontolo izao andalam-pahafatesana ity ! Ny fivavahany dia nitarika ho amin'ny



fanaovana asa fitoriana misionera tena izy. Fahefana nahasitrana Izy. "Famindram-po no sitrako fa tsy fanatitra alatsa-da," hoy Izy. Izany no fitsapana nampiasain'Ilay Tompon'ny fahamarinana lehibe hanavahana ny fivavahana marina sy diso. Tian'Andriamanitra ny hanaovan'ireo misionera mpitsabo asa miaraka amin'ny halemem-panahy sy fangoraham-po izay nasehon'i Kristy fony Izy teto an-tany. » - *Medical Ministry, p. 251*

Tsy azontsika atao ny tsy hiraharaha ireo vehivavy ahilikiliky ny olona, na niharan'ny fanararaotana na herisetra. Manana adidy mitohy isika amin'ny fiarovana ny vehivavy rehetra amin'ireny toe-javatra ratsy ireny. Faly aho fa ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manana Departemantan'ny Sampana Miadidy ny Vehivavy izay misy amin'ny ambaratonga rehetra eo amin'ny fitantan'asantsika ary tokony hisy amin'ny fiangonana tsirairay. Faly aho fa manamora ny fampiharana io tetik'asa manan-danja **enditnow®**.

Faly aho fa ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manana ny ADRA (Adventist Development and Relief Agency – Masoivoho Advantista ho an'ny Fampandrosoana sy ny Fanamaivanana ny Fahavoazana), izay miasa amin'ny maha-toeram-piarovana manokana azo antoka ho an'ny vehivavy sy zazavavy izay niharan'ny fanararaotana, ary namidy tamin'ny toe-javatra satanika indrindra.

Amin'ny toerana rehetra sy ao amin'ny fiangonana tsirairay, dia tsy mampitsahatra izany isika ankehitriny!

## FAMARANANA

Ahoana no niafaranan'ny fitsidihan'i Jesosy tao amin'ity synagoga ity?

Nahazo fanasitrana marobe ilay vehivavy: ara-batana, ara-pihetseham-po, ara-panahy, ary ara-piraisana ara-nofa.

Ny sary maharitra dia vehivavy iray sitrana, afaka mijoro mahitsy, midera an'Andriamanitra. Ity zanakavavin'i Abrahama, izay efa nanjoko ity, dia lasa modely ho an'ny olona rehetra amin'ny taona rehetra - maneho izay azon'i Jesosy atao amin'ny olona iray izay mitanondrika na manjoko araka ny endrik'i Satana.

Tian'i Jesosy hanasitrana anao ve ianao - hamolavola indray ny fiainanao sy ny ho avinao?

Angamba misy lehilahy eto ankehitriny izay mety mieritreritra ny amin'ny fomba nitondran' izy ireo ny vehivavy na ny vehivavy anankiray manokana. Angamba ny toetra sy fihetsik'izy ireo amin'ny vehivavy dia tsy izay tokony ho izy. Angamba ny lehilahy sasany eto izay tonga amin'ny fahatakarana fa tsy mitovy amin'i Kristy eo amin'ny fomba fitondrana ny vehivavy. Raha tokony ho naneho fitiavana kristiana ireo lehilahy ireo, dia angamba kosa izy ireo mahita ankehitriny fa nasiaka sy ratsy fanahy izy ireo. Iza no fotoana hangatahan'ireo lehilahy ireo amin'i Jesosy fo vaovao mba hitondrany ny vehivavy tahaka ny fomba nitondran'i Jesosy ny vehivavy - tamim-pitiavana sy fangoraham-po ary fanajana.

Angamba misy vehivavy eto izay mitovy amin'io vehivavy nanjoko io satria mijaly koa izy ireo. Tahaka ny nanasitrana i Jesosy an'ilay vehivavy dia afaka hikasika anao koa amin'ny fitiavany madio i Jesosy, hamolavola indray ny fiainanao sy ny ho avinao. Mivantana ho anao koa ireto tenin'i Jesosy ireto anio, toy ny niresahany tamin'ilay vehivavy nanjoko.

Henoy ange fa hamaky indray ny Lioka 13:12 avy amin'ny dikan-teny dimy aho:

"Ravehivavy, **afaka** amin'ny rofinao ianao." (dikan-teny ESV)

"Ravehivavy, **nafahana** tamin'ny fahasembananao ianao." (NKJV)

"Ravehivavy, **afaka** amin'ny fanaintainanao ianao." (NSRV)

"Ravehivavy, **sitrana** amin'ny aretinao ianao."

"Ravehivavy, **afaka** ianao!" (MSG)

Tamin'io Sabata io, tao amin'ilay tanàna, tao amin'izany synagoga izany, i Jesosy dia namarana ny fijalian'ilay vehivavy. Jesosy dia namarana ny fomba nitondrana an'ity vehivavy ity nandritra ny valo ambin'ny folo taona. Nofaranany izany!

Androany, amin'ity Sabata ity, eto .....[ampidiro ny toerana misy anao], eto amin'ity fiangonana ity, dia te-hamarana izany eto ihany koa i Jesosy!

Jesosy dia tsy namorona 'zanakavavin'i Abrahama,' 'anabavin'i Kristy,' ary 'renin'i Isiraely' mba hampijaliana sy hararaotina !

Fotoana hamaranana izany izao!

## Seminera

### **NY RATRA VOKATRY NY FANARARAOTANA: Afaka Manao Zavatra Bebe Kokoa Ve Isika?**

Navoaka tao amin'ny *Ministry*® International Journal for Pastors, Novambra 2018  
Nahazoana alàlana

Nosoratan'i Dr. Katia G. Reinert, Tale Mpanampy ao amin'ny Minisiteran'ny fahasalamana  
Foibe Maneran-tany

*Raha toa ka nila mpitandrina nahazo fahalalana sy tompon'andraikitra isika teo aloha, dia azo antoka fa mila izany indrindra isika ankehitriny.*

Nanana zava-dehibe holazaina tamin'i John vadiny i Mary, saingy tsy maintsy nanangona ny herim-po izy mba hilazana izany. Farany, dia nilaza taminy izy fa efa nieritreritra ny hiverina any an-tsekoly mba handranto fanabeazana bebe kokoa. "Fa maninona no mbola mihevitra an'izany ihany ianao?" hoy izy nikiakiaka mafy "Tsy nahomby ianao tamin'ny fianarana farany nataonao, ka mazava ho azy fa tsy amin'izao indray mitoraka izao akory ianao nohahavita an'izany. Adaladala mihitsy ianao. Tsy hahatody ny fandaharana intsony akory ianao, ary tsy handany vola amin'izany isika." Rehefa ny resaka no tonga amin'ny tsia atsipy am-pehezany dia mitoraka ratra. Ohatra iray mahazatra amin'ny fanararaotana arapihetseham-po eo amin'ny fanambadiana izany. Ny mampalahelo dia izao: ny vady toa an'i Mary dia mety tsy hahalala fa ao anatin'ny fifandraisana feno fanararaotana izy – ireny tsy mahalala ny tokony hatao.

Ny pasitora no mpitarika ara-panahy ho an'ny fiangonany ary manana andraikitra haneho izay ho nataon'i Jesosy, Ilay Mpiandry Tsara, amin'ny fanompoana amim-pangorahana an'ireo velona ao amin'ny fiangonany sy eo amin'ny fiaraha-monina. Misy porofo siantifika manambara fa ny olona dia mety hiresaka amin'ny pasitora alohan'ny hiresahany amin'ny olon-kafa momba ny fanararaotana manjo azy. Nahita izany avy hatrany aho. Pasitora ny rahalahiko, pasitora ny raiko ary pasitora ny dadabenay. Kanefa i Justin Holcomb sy i Lindsey Holcomb dia nilaza fa raha "maro amin'ireo niharam-boina no mino fa ny mpitondra fivavahana no manana ny fahafahana be indrindra hanampiana azy ireo, ny marina dia ny mpitondra fivavahana matetika no tsy dia afaka manampy firy ary indraindray aza manimba."

Amin'ny zavatra ataony ny pasitora dia mety ho fitaovana hitondra fanasitranana na vao mainka handray anjara tsy nahy amin'ny fitohizan'ny fanararaotana, arakaraka ny fomba hamaliany. Raha manana fahitana izy ireo dia (a) hanampy amin'ny fananganana faharetana eo amin'ireo niharam-boina tamin'ny zava-nitranga amin'ny alalan'ny fanomezana hery azy ireo ao anatin'ny fahoriany, ary (b) manampy amin'ny fisorohana amin'ny fanokanana fotoana hahafantarana misimisy kokoa momba ny fanararaotana.

## **KARAZANA FANARARAOTANA**

Na dia mahakasika ny tsirairay aza ny herisetra, ny vehivavy, ny ankizy, ary ny antitra no toa mizaka be indrindra ny fanararaotana ara-batana, ara-piraisana ara-nofa ary ara-tsaina. Diniho ange ny tahan'ny karazana fanararaotana:

- Iray amin'ny olon-dehibe efatra no nisy nanararaotra ara-batana fony kely.
- Iray amin'ny vehivavy dimy no nisy nanararaotra teo amin'ny firaisana ara-nofy fony kely.
- Iray amin'ireo vehivavy telo no niharan'ny herisetra ara-batana na firaisana ara-nofy nataon'ny namana akaiky tamin'ny fotoana iray teo amin'ny androm-piainany.
- Iray amin'ny olon-dehibe fito ambin'ny folo noniharan'ny fanararaotana tamin'ny volana lasa teo.
- Ny vehivavy no ahitana taha ambony indrindra amin'ny fiatrehana fanolanana, herisetra ara-batana, ary fandrahonana eo amin'ny androm-piainany mihoatra noho ny lehilahy.

## **ZAVA-MISY FAHITA MATETIKA NEFA TSY RAHARAHAINA**

Na dia hita miharihary avy hatrany aza ny fahavoazana amin'ny fanararaotana ara-batana sy ny fanolanana, dia tsy dia raharahaina firy na resahina loatra ny fanararaotana ara-tsaina - ary matetika no tsy asiana fiheverana akory. Mety hisy hiteny hoe: « Tsy naninona ahy akory ange izy e ! Fa angaha moa ny fitondran-tenany/fihetsiny dia maneho fanararaotana ? » Eny, izany tokoa!

Tsy vitan'ny hoe tena misy ny fanararaotana ara-tsaina fa misy vokany maharitra koa . Mety ho sitrana haingana ny holatry ny fanararaotana ara-batana, fa ny tsy hita maso momba ny fanararaotana ara-pihetseham-po dia mety haharitra ela kokoa - raha ho sitrana aza. Ny fanararaotana ara-pihetseham-po dia mety hanimba ny tombam-bidin'ny tena ary hiteraka henatra sy fanombanana ny tena ho ambany. Mampalahelo fa ny endrika mahazatra indrindra eoamin'ny fanararaotana ara-pihetseham-po dia ny fanararaotana am-bava (eo amin'ny fitenenana), ary matetika no tsy eritreretina na ekena ho fanararaotana izany.

## **FANEKENA NY FANARARAOTANA ARA-PIHETSEHAM-PO**

Rehefa miresaka momba ny fanararaotana ara-pihetseham-po isika, dia tsy maintsy mandinika fanontaniana lehibe maro. Afaka hahafantatra ny fanararaotana ara-pihetseham-po ve ianao ? Ahoana no hataonao raha misy olona manararaotra anao ara-tsaina ? Inona no lazain'ny Baiboly momba izany ? Rehefa mandinika fanontaniana toy izany isika dia tsy maintsy ataontsika mazava fa na dia eo amin'ny vehivavy aza no misy fironana ho amin'ny taha avo kokoa eo amin'ny fanararaotana ara-batana sy ny firaisana ara-nofy noho ny lehilahy, ny fikarohana natao tany Etazonia dia naneho fa momba ny fanararaotana ara-pihetseham-po, dia mitovy ny taha ho an'ny lahy sy ny vavy.

Tamin'ny fanadihadiana anankiray natao tany Etazonia dia nisy lehilahy 8 873 sy vehivavy 9 970 no namaly ny fanontaniana momba ny fanararaotana niainan'izy ireo tao anatin'ny roa ambin'ny folo volana lasa ary koa ny fiatrehan'izy ireo an'izany nandritra ny androm-piainany. Saika ny antsasany (mihoatra ny 48 isan-jato) tamin'ireo lehilahy sy vehivavy no nahitana herisetra ara-tsaina tamin'ny alalan'ny herisetra am-bava na ny fifehezana feno fahasiahana mandritra ny androm-piainany.

Misy fahasamihafana miseho eo amin'ny endriky ny fanararaotana ara-pihetseham-po. Maro kokoa ny vehivavy noho ny lehilahy no misedra famelezana am-bava na eo amin'ny fitenenana avy amin'ireo namana akaiky, saingy na ny lehilahy na ny vehivavy dia samy nahitana fifehezana feno fahasiahana nataon'ny vadiny teo amin'ny olona 4 ao anatin'ny 10. Ny marina dia ny lehilahy sy ny vehivavy dia samy mamerimberina taham-panararaotana avo ara-pihetseham-po na am-bava eo amin'ny vadiny.

Ny fandinihana dia naneho ihany koa ny endriky ny fanararaotana ara-pihetseham-po. Ny karazana herisetra am-bava fahita indrindra ho an'ny lahy sy ny vavy dia ny antsoina hoe ratsy tarehy, matavy, adala, na vendrana sy ny alana baraka, ompaina na esoesoina. Ny karazana herisetra ara-tsaina ampiasaina matetika ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy dia ny fifehezana henjana ahitana fitakiana ny hahafantarana izay alehany na izay ataony amin'ny fotoana rehetra.

Matetika ny vehivavy no takiana hanao tatitra amin'ny vadiny momba izay nalehany, fa ny lehilahy kosa miaritra fanompana matetika kokoa. Izy ireo dia samy mitatitra famahita ny vadiny tezitra amin'ny fomba mampatahotra.

## **NY FIHANAKIN'NY FANARARAOTANA ARA-PIHETSEHAM-PO EO AMIN'NY KRISTIANINA**

Mampalahelo fa ny kristiana, anisan'izany ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, dia tsy voaaro amin'ity fihetsika ity. Na dia tsy manana filazalazana mazava momba ny fanararaotana ara-pihetseham-po ataon'ny vady eo amin'ny santionan'olon-dehibe Advantista aza isika ankehitriny, ny Adventist Health Study-2 dia nanao fanadihadiana momba ny fihanakin'ny fanararaotana ara-pihetseham-po nandritra ny fahazazana teo amin'ny olon-dehibe Advantista miisa 10283 tany Amerika Avaratra izay nandray anjara tamin'ny fikarohana. Tao amin'io fanadihadiana io, 39 isan-jaton'ny vehivavy ary 35 isan-jaton'ny lehilahy no nitatitra fa niaran'ny fanararaotana ara-pihetseham-po nataon'ny ray aman-dreniny (ray na reny) talohan'ny faha-18 taona. Ny fiatrehana fanararaotana toy izany dia nisy fiantraikany ratsy teo amin'ny fahasalamany ara-batana sy ara-tsaina na toy inona na toy inona ny taonany, ny maha-lahy sy ny maha-vavy, ny sata ara-tsosialy, ny fidiram-bolany, ary ny safidiny eo amin'ny fomba fiainany, toa ny fihinanana sakafo mahasalama na fanaovana fanatanjahan-tena. Amin'ny maha-olana voafaritra an'izany toe-javatra izany dia miteraka fanontaniana momba ny fomba fitaizan-janaka izay mety manimba sy manana ny vokany maharitra ela.

## **FANARARAOTANA AM-BAVA MIFANOHIRA AMIN'NY FIFAMALIANA+**

Mba ahafahana mamantatra ny fifandraisana misy fanararaotana dia zava-dehibe ny manavaka ny fanararaotana sy ny fifanolanana mahazatra. Zavatra fahita matetika ny fifanoherana/fifandirana/fifamaliana eo amin'ny fanambadiana na amin'ny fifandraisana hafa ary tsy voatery midika hoe fanararaotana. Mila manana ny heviny manokana ny olona ary afaka mizara izany malalaka. Fa ny fomba fanehoan'ny tsirairay ny heviny no zava-dehibe.

Araka ny voalazan'ny manam-pahaizana iray: “Tsy fanararaotana ara-pihetseham-po ny misaraka amin'ny vady. Tsy fanararaotana ara-pihetseham-po ny mifamaly amin'ny vadinao. Tsy fanararaotana ara-pihetseham-po rehefa maneho setriny amin'ny zavatra maharary nataonao ny olona iray. Ny olona dia manao fihetsika noho ny fomba fijeriny manokana, koa tsy mamaritra ny fitondran-tenanao ny fihetsik'izy ireo. Tsy fanararaotana ara-pihetseham-po ihany koa ny milaza ny eritreritry ny tena amin'ny fahitsiana. Angamba tsy ampy fahendrena ny fanaovana ilay fanambarana, nefa tsy fanararaotana ara-pihetseham-po izany. Ary koa, ny fanehoan'ny olona iray fihetsika tamin'ny zavatra nolazaina tamin'ny fomba mankarary, dia tsy midika fa nanaovana fanararaotana ara-pihetseham-po izy.”

Ny fanararaotana ara-pihetseham-po kosa, dia mahakasika fifehezana atao fanahy iniana. Nisafidy izany fihetsika izany ilay olona mba hananany fahefana sy hifehy ny anankiray.

## **AHOANA NO HANAMPIANA NY OLONA IRAY HAMALY RAHA IHARAN'NY FANARARAOTANA ARA-PIHETSEHAMPO ?**

Zava-dehibe ny hifanatrehana amin'ilay mpanararaotra/mpanao herisetra amim-pahalempanahy nefa amin'ny fomba hentitra. Ireto misy fomba dimy azon'ny olona iray iharan'ny herisetra ara-pihetseham-po hamaliana izany :

***Halalino ireo tetika feno fanararaotana ara-pihetseham-po ary mianara ny hilaza marimarina.*** Ny mpanararaotra/mpanao herisetra dia mampiasa ny fanararaotana/herisetra mba hifehezana ny hafa. Ny fifantohana amin'ny votoatin-javatra dia mahatonga ny olona iray ho latsaka amin'ny fandrika mba hiezaka hamaly araka ny mety, handà ny fiampangana, ary ny hanazava ny momba ny tena. Mampalahelo anefa fa nahazo tombony ilay mpanararaotra/mpanao herisetra tamin'io toe-javatra io ary nanala andraikitra tamin'ny fanararaotana ambava.

***Mametraha fetra araka ny tokony ho izy.*** Na i Kristy aza dia nahatsapa fa nilainy ny nametraka fetra tamin'ny fiainany. Tokony hanao toy izany koa isika. Andriamanitra dia nanome antsika tsirairay avy ny maha-izy antsika manokana, koa tsy tokony hatahotra ny hifanatrika amin'ilay mpanararaotra /mpanao herisetra isika na hametraka ny fetra hoe hatraiza no handeferantsika. Amin'ny toe-javatra sasany dia azontsika atao tsara ny miatrika ny fanararaotana ambava amin'ny fanambarana mahery vaika toy ny hoe, "Aza miteny amiko amin'izany fomba izany," "Manambany ange izany e !" "Aza miantso ahy amin'ny anarana toy izany", na "Aza mampiaka-peo amiko ianao." Mety hamaly ilay mpanararaotra /mpanao herisetra hoe : "Raha tsy izany dia ahoana?" Dia afaka miteny ilay olona manao hoe: "Tsy hanohy izao resaka izao aho."

***Manorena ny tombam-bidinao sy ny fanajanao ny tenanao.*** Ny fanararaotana/herisetra dia mety hanala tsimoramora ny fanombananao ny tenanao. Matetika ny mpanararaotra/mpanao herisetra sy ilay niharam-boina dia samy efa niaina fahafaham-baraka na zavatra nahamenatra tamin'ny fahazazany ary samy efa nanimba ny fanombanany ny tenany. Zava-dehibe ho an'ny olona iharan'ny fanararaotana/herisetra ny mahatsiaro fa tsy fahadisoany izany. Ny Baiboly dia ahitana fampahatsiahivana mahafinaritra maro momba ny maha-sarobidy antsika. "Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao; koa izany no nampaharetako famindrampo ho ianao. Izaho hanangana anao indray "(Jeremia 31: 3).

***Mitadiava fanampiana amin'ny mpanolo-tsaina matihanina.*** Raha sendra tandindomindoza ny olona iray, dia ilaina ny miantso ny polisy na ny laharan'ny krizy. Saingy raha toa tsy mandrahona loatra ny toe-javatra dia zava-dehibe ny manatona namana iray azo itokisana na mpikambana ao amin'ny fianakaviana, ny mpitsabo, ny pasitera, ny mpilatsaka an-tsitraro miaraka amin'ny trano fanararaotana, na ny herisetra an-trano. Ny fanambadiana amin'ny mpanararaotra, indrindra amin'ny fifandraisana maharitra. Ny fikatsahana fitsaboana sy torohevitra tsirairay dia zava-dehibe.<sup>8</sup> Saingy tsy mety raha manomboka ny manome torohevitra ireo mpivady amin'ity sehatra ity satria tsy azo antoka ny manararaotra ny milaza ny marina amin'ny mpanolo-tsaina ny fahamarinana rehetra.

***Mitadiava fampiononana, fanasitranana ary fahendrena avy amin'Andriamanitra.*** Ny Fanahy Masina no Mpampionona antsika ary hitarika antsika amin'ny fahendrena sy ny fahamarinana rehetra. Tsy hanafana ny fontsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny

fomba manasitrana fotsiny ihany no hataony fa hampianatra antsika koa ny teny holazaina amin'ny olona mpanao fanararaotana/herisetra. Satria Jesosy efa niaritra fanararaotana/herisetra tamin'ny endriny rehetra, anisan'izany ny ara-tsaina sy ara-pihetseham-po, dia tsapany ny manjo antsika. Hoy izy : “Fantatro ny ranomasonao; efa nitomany koa Aho. Fantatro ny fahoriana miafina izay mbola tsy nambara na oviana na oviana tamin'ny sofin'olombelona. Aza mihevitra fa irery sy nafoy ianao. Na dia tsy fo voahetsika aza eto ambonin'ny tany noho ny fahoriana, banjino Aho, ka aoka ho velona ianao.” – *Hery Mifanandrina, p.519*

## AFAKA MANAO ZAVATRA BEBE KOKOA VE ISIKA?

Nandritra ny taona maro ny Fiangonana Adventista Mitandrana ny Andro Fahafito dia nanao fampianarana ara-pahasalamana ho an'ny daholobe hiadiana amin'ny herisetra sy ny fanararaotana antsoina hoe **enditnow**® (enditnow.org). Tany am-boalohany dia nifantoka teo amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy ihany izany ary nifindra tamin'ny fifantohana bebe kokoa amin'ny herisetra sy ny fanararaotana mety manjo na iza na iza : lahy, vavy, tanora ary antitra. Isan-taona ny fiangonana dia manana ao anatin'ny fandaharam-potoanany maneran-tany andro anankiray fisorohana ny fanararaotana antsoina hoe **enditnow**® *Emphasis Day* (Andro Fanamafisana) (*women.adventist.org/enditnow-day*), ka mpitondra fiangonana avy amin'ny antokom-pivavahana maro no nizara fa nitondra fitahiana ho azy ireo koa ny fitaovana novokarina. Na izany aza, dia matetika izahay no nampahatsiahivina hoe hatraiza ny mbola azontsika atao amin'ny maha mpitandrana sy mpitarika fiangonana mba hanairana ny fahatsiarovan-tena, hisorohana ny fanararaotana ary hanampiana ireo mbola niharam-boina amin'izany.

Maro ireo mbola miaina eo ambany fifehezana tsy mahaso ataon'ny vady, ray aman-dreny, zanaka, mpampiasa, pasitora, mpampianatra, na olon-kafa izay mampiasa ny fanararaotana eo amin'ny firaisana ara-nofo, na ara-batana na ara-pihetseham-po nefa tsy mahatsapa na miaiky ho manao izany akory. Betsaka amin'ireo izay mahatsapa izany ka miezaka mitady fanampiana amin'ny firesahana amin'ny pasitora, mpitondra fiangonana, na mpiara-miasa no mety mbola tsy mahita fanampiana sahaza sy fampahalalana ampy, fa vao mainka koa aza mahita ny tenany ho mahazo tsiny noho ny toe-javatra manjo azy na rehefa asaina hitondra am-bavaka momba izany. Betsaka koa ireo izay mbola tsy miraika, tsy mahalala, na jamba eo anoloan'ny zavatra ilain'ireo niharam-boina na mpamerimberina heloka izay mitady fanantenana sy fanasitranana ho an'ny fahavoazany.

Ahoana moa raha mba ny fiangonana tsirairayno manana mpandrindra **enditnow**® izay manana fahalalana momba ny fanararaotana ary miara-miasa amin'ny pasitora, ka afaka mampiditra ny fiangonana amin'ny fisorohana sy fanampiana ireo mila izany ? Ahoana moa raha mba ny mpianatra tsirairay amin'ny seminera sy ny pasitora rehetra no afaka mahazo fiofanana ny amin'ny fahalalana fototra momba ny fanararaotana ; ary ho tsara indrindra manao ahoana moa raha mba manampy ny niharam-boina sy ny mpanao heloka miverimberina ? Ary ahoana moa raha mba isaky ny fiangonana, ny pasitora, mpitarika na mambra no manao **enditnow**® *Andro Fanamafisana* isan-taona, amin'ny fampiasana ireo tahirin-kevitra sy fitaovana voamana mba hitahiana ireo mambran'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina manodidina ?

Betsaka ny zavatra azontsika atao, koa ny pasitora rehetra, ny mpitondra fiangonana rehetra ary ny mambra rehetra dia tsy maintsy manombana ny fomba ahafahan'izy ireo mitondra



fiovana. Ny fanaovana zavatra bebe kokoa dia mitarika ny mpitondra sy ny mambra handray andraikitra, hanana fangorahana sy finiavana ary hanome aingam-panahy sy hery ny hafa. Tsy tokony ho sasatra isika fa hanohy hanao izay hahatsapana ny fisiansika amin'ny alalan'ny teny sy ny asa rehefa miara-mianatra sy mampiharihary ireo karazana fanararaotana/herisetra izay manimba ny maha-olombelona ny hafa.

## NY LAFINY ARA-PAHASALAMANA

Nahoana moa isika no tokony hanao zavatra bebe kokoa ? Maro amin'ireo zanak' Andriamanitra no maty na mijaly eo amin'ny fahasalamany vokatry ny herisetra sy ny fanararaotana. Milaza amintsika ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana fa olona 1,3 tapitrisa no maty eran-tany isan-taona vokatry ny herisetra amin'ny endriny rehetra : iombonana (toy ny asan'andian-jiolahy na ny ady), ataon'ny tena manokana (famonoan-tena), na amin'ny hafa (toy ny herisetra an-trano). Ny fahafatesana toy izany dia maneho ny 2.5 isan-jaton'ny fahafatesana eto an-tany isan-taona. Nandritra ny 15 taona voalohany tamin'ny taonjato faha-roapolo, dia olona manodidina ny enina tapitrisa no maty eran-tany noho ny trangan'ny herisetra atao amin'ny hafa.

Saingy ankoatry ny fahafatesana, maro no iharan'ny herisetra tsy mahafaty isan'andro. Izy ireo dia anisan'ny tafavoaka velona amin'ny herisetra (fanararaotana ara-batana, eo amin'ny maha-lahy na vavy ary ara-tsaina na fanaovana an-tsirambina). Ny herisetra tsy mahafaty dia fahita matetika kokoa noho ny vonoan'olona ary misy voka-dratsiny ara-pahasalamana sy ara-piaraha-monina mandritra ny fiainany. Mety tsy dia ho hita maso ny ratra vokatry ny herisetra eo amin'ireo tafavoaka velona nefa kosa tsapa lalina ary, vokatry'izany, dia mety mikiky sy maharitra ela.

## NY VOKANA FAMPIANARANA

Angamba ny antony lehibe indrindra hanaovana zavatra bebe kokoa dia satria isika tånana sy tongotr'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao, nantsoina mba haneho ny fitiavany sy ny heriny manasitrana ary hanompo ny hafa tahaka izay nataony. Jesosy dia miantso sy mandidy antsika mba hifampitondra amim-pitiavana sy hifanaja rehefa miteny Izy hoe: "Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia » (Jaona 13:34, 35). Ao amin'ny fiangonan'ny mpino izay mizara ny vaovao mahafaly, dia manentana antsika ho mpitondra fanasitranana sy fanohanana ny filazantsara: "Farany, miraisa saina ianareo rehetra, ka miaraha ory, mifankatiava tahaka ny mpirahalaly, mifamindrà fo, manetre tena" (1 Petera 3: 8).

Noho izany, adidintsika amin'ny maha mpasitora sy mpitondra fiangonana ny hanohy ny fanatrarana amim-pitiavana ireo niharam-boina noho ny fanararaotana - tahaka izay nataon'i Jesosy - manao izay azontsika atao mba hisorohana sy hiatrehana araka ny tokony ho izy ny fanararaotana sy ny herisetra amin'ny endriny rehetra. Hoy i Jesosy hoe: «Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana. Izaho avy mba hananany fiainana, ary hananany be dia be »(Jaona 10:10). Afaka mahavita bebe kokoa ve ianao?



**VALINY AVY AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA SY NY FIARAHA-MONINA  
Momba ny Herisetra ao an-tokantrano**

Nosoratan'i Mable C. Dunbar, PhD LPC  
Nahazoana alàlana

Nalaina tamin'ny *The Dynamics of Domestic Violence*  
Bokikely nomanin'ny minisitry ny vehivavy amerikana avaratra, 2016

*“Ny fikarakarana ireo fianakaviana nandalo fanandrman'ny herisetra sy ny fanararaotana dia mitaky ny fisahanana ny filàna amin'ny maha-olona manontolo. Noho izany, dia tena hamafisina ny maha-zava-dehibe ny fampivelarana ny fahatsapana iraisana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpitondra fanampiana avy amin'ny sehatry ny fivavahana sy ivelan'ny fivavahana mba hiatrehana ny herisetra ao amin'ny fianakaviana.”*

- Mampianara ny tenanao ary fantaro ny fisian'ireo herisetra ao an-tokantrano: mamakia boky, mijere horonan-tsary, manatreha atrik'asa, seminera, sns.
- Aoka havitrika amin'ny fifandraisana sy fanatrehana ireo fandaharana ao amin'ny faritra misy anao izay manome fiarovana, torohevitra, fanohanana ary tolotra hafa ilaina ho an'ireo niharam-boina sy mpamerimberina heloka.
- Aoka hamolavola sy hanentana valin-teny ho an'ny herisetra mifototra amin'ny niharam-boina ary aoka hanana fahafahana hitrandraka ireo loharanon-kevitra eo amin'ny fiarahamonina.
- Raiso ho tompon'andraikitry ny zava-bitany ny mpanao meloka.
- Aoka ho azo antoka fa ny vondrom-piaraha-monina rehetra, anisan'izany ny mponina tsy misy mpikarakara loatra, izay iharan'ny herisetra ao an-tokantrano, dia afaka manambara hevitra sy mitrandraka ireo valiny ara-kolontsaina tena tandrify ary ireo loharanon-kevitra.
- Aoka hampiroborobo sy hanentana hevitra iraisana momba ny fahatsapana ny fisian'ny herisetra ao an-tokantrano ho toy ny olana eo anivon'ny fiaraha-monina ary adidin'ny fiarahamonina mba hisorohana izany, sy momba ny fepetra tokony ho raisina rehefa mitranga izany.
- Aoka hametraka fandrindrana valin-teny eo anivon'ny fiaraha-monina mifandraika amin'ny herisetra ao an-tokantrano, izay ahitana solontena avy amin'ny fampiharana ny lalàna, ny rafitry ny sekoly, matihanina momba ny fahasalamana ara-tsaina, mpisolovava eo amin'ny faritra, sampan-draharaha misahana ny fiarovana ny zaza, mpitondra fivavahana, mpiasan'ny fahasalamana matihanina, mpisolovavan'ny niharam-boina, fandaharana ho an'ireo olo-meloka sy ny fanararaotana ny zokiolona, mpanao politika, ary mpiasan'ny fitsarana.
- Mifandraisa amin'ny solontenanareo eo an-toerana mba hahazoana antoka fa mipetraka sy arahina ny lalàna izay hanampy amin'ny fisorohana ny herisetra ao an-tokantrano, hanome fiarovana sy fikarakarana ho an'ireo niharam-boina, ary fahatsapana andraikitra ho an'ny mpanao fanararaotana/herisetra.